# EFESIANA 4:11-16, Zoma 14 Jona 2024

**FIARAHA-MANDINIKA SORATRA MASINA**

**EFESIANA 4:11-16**

**NY BOKY**

1. Taona nanoratana: 63 AD
2. Mpanoratra: Paoly izay tao Efesosy (Asa 18:18-22). Any Torkia, faritanin'i Izmir izy ankehitriny. Tanàna tsy misy mponina firy intsony saingy mahasarika mpizahatany maro.
3. Toerana nanoratana: Roma (tany am-pigadrana)
4. Epistilin'ny fifatorana: Efesiana, Kolosiana, Filipiana, Filemona
5. Foto-kevitra: Fivoizana ny firaisan'ny Fiangonana sy ny fahamatorany ara-panahy (Efesiana 1:10)
6. Zava-nisy: Tanàna lehibe tany Azia Minora (mampifandray an'i Eoropa sy Azia) Efesosy (Any Torkia faritanin'i Izmir izy ankehitriny. Tanàna tsy misy mponina firy intsony saingy mahasarika mpizahatany maro.) Ny Kristiana tao dia jentilisa niova fo kanefa nisy Jiosy ihany koa.
7. Fotom-pampianarana azo trandrahana ato:
    1. Ny Fimbonan'ny Mpino
    2. Ny any an-danitra: Misy ny fitahiam-panahy (Efesiana 1:3) Jesoa misolo vava apetrak'Andriamanitra miaraka amin'i Kristy any an-danitra isika (Efesiana 2:6) Hendry Andriamanitra amin'ny fitondrany ny Fiangonana (Efesiana 3:10) Ady amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny lanitra (Efesiana 6:12).
    3. Ny Fanahy: Tombokase (Efesiana 1:13), Santatry ny

lova (Efesiana 1:14), Mitarika amin'ny fiombonana (Efesiana 2:22), Manambara ny zava-miafin'i Kristy (Efesiana 3:5), Manatanjaka (Efesiana 3:16), Mampiray (Efesiana 4:3), Aza mampalahelo ny Fanahy Masina (Efesiana 4:30), Aoka ho feno ny Fanahy (Efesiana 5:18), Sabatry ny Fanahy (Efesiana 6:17), Vavaka (Efesiana 6:18).

4. Ny Fitiavana: Notendreny amin'ny fitiavana isika ho azy (Efesiana 1:4), Miorina amin'ny fitiavana (Efesiana 3:17), Mandefitra amin'ny fitiavana (Efesiana 4:2), Manaraka ny marina amin'ny fitiavana (Efesiana 4:15), Mampandroso ny Fiangonana amin'ny fitiavana (Efesiana 4:16), Mandeha amin'ny fitiavana (Efesiana 5:2), Fitiavana tsy mety levona (Efesiana 6:23-24).

**Fizarana**

1. Fizarana 1-3: Fampianarana ny amin'ny tombotsoa azon'ny Mpino ao amin'i Kristy. Ny misterin'ny fiombonana ao amin'i Kristy ary ny vavaka ho an'ny Fiangonana.
2. Fizarana 4-6: Fampiharana ny fampianarana: Manomboka ao amin'ny Fiangonana mankany amin'ny ankohonana.

**NB**: Manamarika ny Epistily ny fampianarana momba ny fanambadiana (Efesiana 5) sy ny Fitafiana fito enti-miady ho an'ny miaramilan'i Kristy (Efesiana 6).

**FANDINIHANA NY EFESIANA 4:11-16**

**Voambolana teolojika:**

1. Apostoly: Ireo mpamaky lay nandimby an'i Jesoa Kristy nametrahan'i Kristy ny fampianarany mivantana (APO-STELLO: Ireo novatsiana ka nirahina).
2. Mpaminany: Ireo nomena ny fanambaran'Andriamanitra ka irahina hilaza (Fananarana na fampaherezana).
3. Evanjelista: Ireo Mpitory ny vaovao mahafalin'ny famonjena.

4. Mpiandry sy mpampianatra: Mpiandry ondry ary raby izay mampianatra foto-pinoana (2 Timoty 4:2).
5. Fanatanterahana ny olona masina: Fampiofanana hahazoan'ny fiangonana manompo.
6. Asan'ny fanompoana ao amin'ny Fiangonana: Tsy Jesoa ihany no Tompoina fa ny Fiangonana koa izay tenany ety an-tany.
7. Fampandrosoana ny tenan'i Kristy: Fandrosoana arak'isa no fandrosoana ara-pampianarana (Toy ny fanorenana trano).
8. Firaisan'ny finoana: Firindrana sy fitoviana ao amin'ny finoana (Finoana Mazava sady iainana).
9. Fahalalana tsara ny Zanak'Andriamanitra: Fiombonana tanteraka sy manokana, Firaisana lalina.
10. Ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy: Tonga modely amin'ny fitomboana sy ny fahamatorana.
11. Saim-petsy ataon'ny olona: Fampianarana sy fiainana misarika an-kapitaka.
12. Hanaraka ny marina amin'ny fitiavana: Miaina marina na koa vavolombelona marina ka sady mampita no miaina ny marina amin'ny fitiavana.
13. Mitombo ho amin'izay loha dia Kristy: Tarihin'i Kristy ny fitomboana, Mifanaraka amin'i Kristy ny fitomboana.
14. Izy no hitomboan'ny Tena rehetra: Mifanaraka tsara. Manamafy ny fifamatorana. Zava-dehibe ny fandraisan'anjaran'ny tsirairay sy ny rehetra ho amin'ny fitomboan'ny Fiangonana.
15. Araka ny ampandrosoany ny tenany amin'ny fitiavana: Ny fitiavana dia fototra sy hery mampiodina (motera) ho amin'ny fitomboan'ny Fiangonana.

Manana ary finiavana hitia sy hitombo!!